


Be ny resaka mandeha momba ity aretina Coronavirus ity maneran-tany. Ao ny Malagasy toa anao, toa aho no miezaka sy maniry mafy ho tonga eto Madagasikara izy io. Efa *“zombies”* ireny (izany hoe lolovokatra efa maty eritreritra sy fanahy fa tsangan'olona sisa). Fa inona marina moa ity aretina mifindra nipoitra avy tao amin'ny faritra Wuhan any Chine ity, ny volana Desambra 2019 ? Izao ary ny fandehany azavaiko amina fomba tsotra fa mazava ho an'ny rehetra.

**Ny aretina ankapobeny**

Ny aretina Coronavirus 2019 na COVID-19 dia aretina mora mifindra avy amina viriosy na virosy (*“virus”*) vaovao izay mbola tsy voafaritra ao anatin'ny olombelona hatramin'izay. Io virosy io dia mitondra aretina toa ny gripa miaraka amina kohoka, tazo ary tevika na pnemônia ( *“pneumonie”* ) mitarika fahasemporana rehefa tsy voafehy. Ny fomba fiarovana aminy voalohany azo atao izany aloha dia ny fanasàna tànana matetika sy ny tsy fikasiana ny tarehy mihitsy.

**Ny fifindran'ny aretina**

Ny fifindran'io COVID-19 io dia amin'ny alalan'ny olona efa tratrany izay mievona, mikohoka, mitsonika lelo ny orony, marary tenda, voan'ny tazo, eny tratry ny fahasemporana sy pnemônia araka ny voalaza eo ambony ka mety hitarika fahafatesana. Rehefa mikohoka izy ireo na koa mievona dia ny rora sy lelo mipitika no mamindra ny aretina any amin'ny olon-kafa manodidina. Ireo ihany ny fomba fifindran'ny COVID-19 mivantana. Ny sisa dia resaky ny *“zombies”* voalaza ery ambony. Eto dia marihina fa ny olona mety hamindra ny aretina dia avy any amin'ny firenena nidiran'io aretina io izay nandeha fiaramanidina na sambo fa tsy olona tsy nihetsika teto Madagasikara mihitsy akory. 157 no isan'ny firenena misy io COVID-19 io..


Marihina ihany koa fa fotoan'ny gripa sy sery eto Madagasikara amin'izao famaranana ny volana marsa izao. Maro ny zazakely, ny ankizy sy ny olon-dehibe mievina, mikohoka sy seriserena ary mitsonika mihitsy aza ny oron'izy ireo ary miakatra mari-pana ihany koa. Tsy midika velively izany fa voan'ny COVID-19 izy ireo monina any anivon'ny fokontany rehetra any, raha tsy hoe nisy olona avy any ivelan'i Madagasikara no misy ireo fisehoana ireo ary tsy nanaraka ny toro-marika napetraky ny fanjakana. Samia mailo daholo fa kosa tsy manorotoro fahatany sao higadra.

**Italia...**

Ireo olona ahiana mora andairan'io COVID-19 io dia efa nahazo taona ny ankamaroany ary taizana aretina toa sohika na asima (*"asthme"*), diabeta na aretim-po. Izay no mahatonga ny Italia be olom-pirenena matin'io COVID-19 io ao Eoropa satria mihoatra ny 20% ny mponiny no feno 65 taona miakatra. Ary ireo Italianina zokiny ireo no manana fahefam-bidy mandeha mitety izao tontolo izao amin'ny alalalan'ireny hoe *"bateaux de croisière"* (sambo avo lenta ho an'ny mpizahan-tany) ireo. Fantaro ary fa ny iray amin'izany sambo izany no nampidina mpizahan-tany iray tao La Réunion, ny 11 marsa 2020, izay tratry ny COVID-19. 80 taona io lehilahy io ary avy eo nisy vehivavy iray, 78 taona, no tratry ny aretina ary avy amin'io sambo io ihany. Raha zohina izany dia ny avy any ivelany hatrany no mamindra amin'ireo tena mponina amina firenena iray. Ny olona ihany izany no mamindra fa tsy ny entana na koa fitaovana. Tokony hazava ho an'ny rehetra izany ary ilaina haverina matetika.

**Vola amina milara**

Aleho hazava tsara koa ny resaka fa, hatreto aloha, tsy misy fanafody na vaksiny mahasitrana io COVID-19 io na dia efa mikaon-doha mafy ny manam-pahaizana maneran-tany ary vola be tsy voatanisa no atokan'ireo firenena matanjaka hiarovana ny toe-kareny. Ny fanjakana sinoa no loha laharana, izay nanome 70 miliara euros hanampiana ny toe-kareny; manaraka ny fanjakana anglisy izay nanokana 55 miliara euros hanampiana ireo orinasany; fahatelo ny fanjakana frantsay izay nanokana 45 miliara euros hanampiana ny orinasany. Ny orinasa izany no tsy handoa jiro sy rano fa tsy ny olo-tsotra frantsay velively. Aoka hijanona ny tsaho momba io ry Malagasy very jery a!


AROVY NY TENANAO, AROVY KOA NY HAFA
Ministère de la Santé Publique


World Health Organization
THE #SAFEHANDS CHALLENGE
Fitia
Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka
www.madagate.org


Crédit photo : Simon Veyssiere
MALEYA


SANTÉ · MÉDECINE
Les scientifiques attendent la prochaine pandémie mondiale. Elle pourrait venir d'un simple rhume.


RAPPORTS
SUR
LA GRIPPE ESPAGNOLE
SES SYMPTOMES CLINIQUES
SON MICROBE SON TRAITEMENT
Photo fournie par la Bibliothèque de documentation internationale contemporaine de rapports médicaux sur la grippe espagnole datant du 25 octobre 1918 et du 10 février 1919
Avec au moins 50 millions de morts, l'épidémie de grippe espagnole a provoqué de 1918 à 1920 une hécatombe bien pire que la Grande Guerre et ses 10 millions de soldats tués.